



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA
VEILLEE DE PRIERE FPMA

NY FIHAONANA AMIN'I JESOSY, ARAKA NY FILAZANTSARA ARAKA AN'I JAONA
– LA RENCONTRE AVEC JESUS, SELON L'EVANGILE SELON JEAN

Alatsinainy 27 jolay 2020
Lundi 27 juillet 2020

I NIKODEMOSY (Jao. 3, 1-21)
– NICODEME (Jao. 3, 1-21)

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu : Ry havana, hoy ny Tenin'Andriamanitra amintsika – *Chers frères et sœurs, la Parole de Dieu nous dit ceci :*

« Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao : nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay» (Jao. 3, 16) - « *En effet, Dieu a tant aimé le monde qu'Il a donné son Fils unique afin que quiconque a foi en Lui ne périsse point mais qu'il ait la vie éternelle* » (Jn. 3, 16). Amen !

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

Teny fampidirana – Introduction : Ry havana – *Chers frères et sœurs :*

- Ho aminareo anie ny Fahasoavana sy ny Fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy i Jesosy Kristy Tompo. Amen ! – *Que la Grâce et la Paix vous soient données de la part de Dieu notre Père et de Jésus-Christ le Seigneur. Amen !*
- Hiditra avy hatrany amin'ny fizaràna voalohany àry isika izao ka ho vakiana amintsika ny Jao. 3, 1-8 – *Entrons immédiatement dans la première partie de notre séance par la lecture de Jn. 3, 1-8.*

Hira (Chant) chorale : Ilay inoako (Bessa).

FIZARANA 1 – PARTIE 1

Teksta 1 – Texte 1 : Jao. (Jn.) 3, 1-8 :

1 Ary nisy Fariseo anankiray atao hoe Nikodemosy, mpanapaka tamin'ny Jiosy. 2 Izy nankao amin'i Jesosy nony alina ka nanao taminy hoe : « Raby ô, fantatray fa mpampianatra avy amin'Andriamanitra linao fa tsy misy olona mahay manao izao famantarana ataonao izao, raha tsy Andriamanitra no momba azy ». 3 I Jesosy namaly ka nanao taminy hoe : « Lazaiko aminao marina dia marina tokoa : Raha tsy ateraka indray [Na : ateraka avy any ambony] ny olona, dia tsy mahazo mahita ny Fanjakan'Andriamanitra ». 4 Hoy i Nikodemosy taminy : « Hataon'ny olona ahoana no hateraka rehefa lehibe : moa mahazo miditra any an-kibon-dreniny indray va izy ka hateraka » ? 5 I Jesosy namaly hoe : « Lazaiko aminao marina dia marina tokoa : « Raha misy olona tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy, dia tsy mahazo miditra amin'ny Fanjakan'Andriamanitra izy. 6 Izay aterahy ny nofo dia nofo ary izay ateraky ny Fanahy dia fanahy. 7 Aza gaga noho ny nilazako taminao hoe : 'Tsy maintsy hateraka indray ianareo'. 8 Ny rivotra mitsoka amin'izay tiany, ary renao ny feony, nefa tsy fantatrao izay ihaviany na izay alehany, dia tahaka izany izay rehetra ateraky ny Fanahy ».

1 Or, il y avait parmi les pharisiens un homme du nom de Nicodème, un chef des Juifs. 2 Il vint de nuit trouver Jésus et lui dit : « Maître, nous savons que Tu es un enseignant envoyé par Dieu, car personne ne peut faire ces signes miraculeux que Tu fais si Dieu n'est pas avec lui ». 3 Jésus lui répondit : « En vérité, en vérité, Je te le dis, à moins de naître de nouveau, personne ne peut voir le Royaume de Dieu ». 4 Nicodème Lui dit : « Comment un homme peut-il naître quand il est vieux ? Peut-il une seconde fois entrer dans le ventre de sa mère et naître » ? 5 Jésus répondit : « En vérité, en vérité, Je te le dis, à moins de naître d'eau et d'Esprit, on ne peut entrer dans le Royaume de Dieu. 6 Ce qui est né de parents humains est humain et ce qui est né de l'Esprit est Esprit. 7 Ne t'étonne pas que Je t'aie dit : 'Il faut que vous naissiez de nouveau'. 8 Le vent souffle où il veut et tu en entends le bruit, mais tu ne sais pas d'où il vient, ni où il va. C'est aussi le cas de toute personne qui est née de l'Esprit ».

Fanamarihana 1 : – Commentaires 1 : Ny fahateraham-baovao – la nouvelle naissance :

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny ankohonantsika mba - *pour notre foyer pour que :*
 - hanaiky hohavaozin'Andriamanitra ka hiala amin'ny fiainany taloha tsy ankasitran'ny Tompo – *ils acceptent d'être renouvelés par Dieu et qu'ils changent de vie, selon la Volonté de Dieu*
 - hankafy ny nananganan'Andriamanitra azy ho zanany ka hifikitra amin'izany – *ils apprécient leur adoption par Dieu et qu'ils s'y accrochent*
- ho an'ireo izay namoy havan-tiana mba – *pour ceux qui ont perdu un être cher pour que :*
 - hatoky ny Fitiavan'Andriamanitra azy izy – *ils fassent confiance dans l'Amour de Dieu pour eux*
 - handray ny fanavaozan'ny Tompo azy izy – *ils recoivent le renouvellement de la part du Seigneur*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina ô, mila izany fahateraham-baovao izany izahay kristiana eto amin'ny FPMA. Ary izay efa miaina izany, dia angatahinay mba ho hamasininao ho tamana amin'izany fiainam-baovaon'ny olom-boavonjy nomenao azy izany. Aza avela hiroaroa saina fa ampaherezo hahita fifaliana sy fiadanam-po miaraka Aminao – *Dieu Père, Fils et Saint-Esprit, nous avons besoin de cette nouvelle naissance. Et nous Te demandons aussi de sanctifier ceux qui vivent déjà une vie nouvelle avec Toi. Ne leur permet pas de douter mais reconforte-les dans ta Joie et dans ta Paix.*

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tomponay, amen ! – *Au Nom de notre Seigneur Jésus-Christ, amen !*

Hira (Cantique) : 293, 1-2 : Izaho nentina nanatrika :

1. Izaho nentina nanatrika
Ny Tompo sy ny fiangonana.
Ny ray sy reny niantoka
Hitaiza sy hitari-dalana.
2. Ka faly aho fa noraisina
Natao batisa mbola zaza re,
Nanaovam-panekena masina
Ho zanaky ny Tompo lehibe.

FIZARANA 2 – PARTIE 2

Teksta 2 – Texte 2 : Jao. (Jn.) 3, 9-13 :

9 I Nikodemosy namaly ka nanao taminy hoe : « Hatao ahoana no hahatonga izany zavatra izany » ? 10 I Jesosy namaly ka nanao taminy hoe : « Ianao va no mpampianatra ny Isiraely ka tsy mahalala izany zavatra izany » ? 11 Lazaiko aminao marina dia marina tokoa : « Izay fantatray no lazainay ary izay hitanay no ambaranay nefa ny fanambaranay tsy raisinareo. 12 Raha ny zavatra ety an-tany aza no nolazaiko taminareo ka tsy inoanareo, ahoana moa no hinoanareo, raha milaza aminareo ny zavatra any an-danitra Aho ? 13 Ary tsy nisy niakatra ho any an-danitra hafa tsy ilay nidina avy tany an-danitra.

9 Nicodème reprit la parole et lui dit : « Comment cela peut-il se faire » ? 10 Jésus lui répondit : « Tu es l'enseignant d'Israël et tu ne sais pas cela ! 11 En vérité, en vérité, je Te le dis, nous disons ce que nous savons et nous rendons témoignage de ce que nous avons vu, et vous ne recevez pas notre témoignage. 12 Si vous ne croyez pas quand je vous parle des réalités terrestres, comment croirez-vous si je vous parle des réalités célestes ? 13 Personne n'est monté au ciel, sinon Celui qui est descendu du ciel, le Fils de l'homme [qui est dans le Ciel].

Fanamarihana 2 : – Commentaires 2 :

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny marary sy ireo mpitsabo mba – *pour les malades et les soignants pour que :*
 - samy handinika sy hankatoa ny Sitrapon'Andriamanitra izy ireo – *ils méditent et mettent en pratique la Volonté de Dieu*
 - samy hiankina tanteraka amin'ny Fahasoavan'Andriamanitra izy ireo – *ils prennent leur appui dans la Grâce de Dieu*
- ho an'ireo mpitondra antsika mba – *pour nos dirigeants pour que :*
 - tsy hihevitra hitondra irery ny firenena izy fa hiantehitra amin'Andriamanitra – *ils ne pensent gérer suel le pays mais qu'ils s'appuyent sur Dieu*
 - hatahotra an'Andriamanitra izy ka hankatoa Azy – *ils respectent Dieu et s'engagent dans sa Voie*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

Andriamanitra Tompo ô, ampianaro ny lalanao izahay mba hiankinanay Aminao. Aza avela hanalavitra Anao izahay fa taomy hibebaka isan'andro. Ampianaro tsy hiantehitra amin'ny herin'ny tenanay izahay fa hiankina Aminao mba hahitanay ny halehiben'ny fitondranao noho ny fitiavanao anay – *Seigneur notre Dieu, apprends-nous ton chemin pour que nous soyions dépendants de Toi. Ne nous permets pas de nous éloigner de Toi mais apee-le-nous, tous les jours, à la repentance. Apprends-nous à ne pas nous reposer sur nos performances mais que nous trouvions refuge en Toi afin de constater la grandeur de ta Conduite, fruit de ton Amour pour nous.*

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tomponay no anaovanay izany vavaka izany. Amen ! – *C'est au Nom de Jésus-Christ, le Ressuscité, notre Seigneur, que nous faisons cette prière. Amen !*

Hira (Cantique) : 294, 1-2 : Ampio aho, Zanahary ô :

1. Ampio aho, Zanahary ô,
Hanaraka ny "eny" masina,
Izay nataoko taminao, ry To,
Ka tsy mba hisy fivadihana.
2. Ry Tompoko, izay nanomboka
Ny asa tsara ao anatiko,
Arovy aho ho tanteraka,
Mba tsy ho faty ny finoako.

FIZARANA 3 – PARTIE 3

Teksta 3 – Texte 3 : Jao. (Jn.) 3, 14-21 :

14 Ary tahaka ny nanandratana'i Mosesy ny menarana tany an-efitra no tsy maintsy hanandratana ny Zanak'olona, 15 mba hanana fiainana mandrakizay izay rehetra mino Azy. 16 Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao : nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay. 17 Fa

Andriamanitra tsy naniraka ny Zanaka ho amin'izao tontolo izao hanameloka [Gr. hitsara] izao tontolo izao, fa mba hamonjeny izao tontolo izao. 18 Izay mino Azy dia tsy helohina; [Gr. tsaraina] fa izay tsy mino kosa dia efa voaheloka [Gr. voatsara] reheteo, satria tsy nino ny anaran'ny Zanakalahy Tokan'Andriamanitra izy. 19 Ary izao no fanamelohana, [Gr. fitsarana] fa tonga amin'izao tontolo izao ny mazava, nefa aleon'ny olona ny maizina toy izay ny mazava, satria ratsy ny asany. 20 Fa izay rehetra manao ratsy dia mankahala ny mazava sady tsy manatona ny mazava, fandrao hita miharihary ny asany. 21 Fa izay manao ny marina kosa dia manatona ny mazava mba haseho ny asany, fa atao amin'Andriamanitra izany.

14 Et tout comme Moïse a élevé le serpent dans le désert, il faut aussi que le Fils de l'homme soit élevé 15 afin que quiconque croit en lui [ne périsse pas mais qu'il] ait la vie éternelle. 16 En effet, Dieu a tant aimé le monde qu'il a donné son Fils unique afin que quiconque a foi en Lui ne périsse point mais qu'il ait la vie éternelle. 17 Dieu, en effet, n'a pas envoyé son Fils dans le monde pour juger le monde, mais pour que le monde soit sauvé par Lui. 18 Celui qui croit en Lui n'est pas jugé, mais Celui qui ne croit pas est déjà jugé parce qu'il n'a pas cru au nom du Fils unique de Dieu. 19 Et voici quel est ce jugement : la lumière est venue dans le monde et les hommes ont préféré les ténèbres à la lumière parce que leur manière d'agir était mauvaise. 20 En effet, toute personne qui fait le mal déteste la lumière, et elle ne vient pas à la lumière pour éviter que ses actes soient dévoilés. 21 Mais celui qui agit conformément à la vérité vient à la lumière afin qu'il soit évident que ce qu'il a fait, il l'a fait en Dieu ».

Fanamarihana 3 : – Commentaires 3 :

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny Fiangonana mba – *pour l'Eglise pour que :*
 - tsy hisangisangy ny finoana izy fa hanaiky tanteraka izany – *ils ne prennent pas la foi à la légère mais qu'ils l'acceptent totalement*
 - hanaiky ny Famonjena natolotr'Andriamanitra ho azy izy ka hiaina izany amin'ny fotoana rehetra – *ils acceptent le Salut que Dieu leur offre et qu'ils la vivent à tout moment*
- ho an'ny mpitandrina mba – *pour les pasteurs pour que :*
 - hahazo hery amin'ny fizaràna ny Tenin'Andriamanitra izy ka hitaona olona ho amin'ny finoana marina sady velona – *ils soient réconfortés dans le partage de la Parole de Dieu pour qu'ils puissent attirer des gens à la foi juste et véritable*
 - hamantatra ny « zavatra any ambony », dia ny Sitrapon'Andriamanitra, izy ka hizara izany amin'ny mino – *ils cherchent « les choses d'en haut », la volonté de Dieu, pour la partager aux fidèles*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Tompo ô, raha ekenay ny Asanao dia ho tombony ho anay mandrakariva ny firaisana Aminao. Ampianaro ny fonay izany, Tompo ô, ka taomy izahay hiala amin'ny fitokianay an'izay heverinay fa mety fa hiantehitra amin'ny Sitraponao kosa. Miasà amin'ny

fiainanay lanao mba hahazoanay miara-miaina Aminao – *Seigneur, si nous acceptons ton œuvre dans notre vie, alors nous vivrons la communion avec Toi comme un avantage. Apprends cela à nos cœurs, Seigneur, et fais-nous sortir de la confiance que nous accordons exclusivement à nous-mêmes mais que nous cheminons avec ta Volonté. Agis en nous pour que nous puissions vivre cette communion vivante avec Toi.*

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, Zanakao Lahitokana, Mpamonjy anay, no angatahanay izany Aminao, amen ! – *C'est au Nom de ton Fils unique, Jésus-Christ, notre Sauveur que nous Te demandons cela, amen !*

Hira (Cantique) : 28, 1-3 : Zanahary tsy mba tia :

1. Zanahary tsy mba tia ny fahaverezanao,
Izy Rainao be fitia, tsy mba mahafofy anao.
Ny famoizam-po ario fa i Jesosy itokio
Mba hatoninao anio ilay be Fahasoavana !
2. Izy dia nitady ela vao nahita anao izao,
Mifalia, tsy ho ela dia hody ianao.
He, ry ondry saiky very, ory, osa, feno fery,
Ny Mpamonjy manan-kery hahasitrana anao !
3. Ny ao an-danitra mifaly raha misy miova fo
Ary any ny anjely miramirana avokoa.
Fo marary dia tsaboiny, ahiahim-po vonoiny,
Fiadanana lazainy : sambatra isika re !

FANDRAVONANA SY FAMPAHEREZANA – CONCLUSION ET EXHORTATION :

Teksta – Texte : Asa. 10, 42-48 :

42 « Ary Izy nandidy anay hitory amin'ny olona ka hanambara fa Izy no voatendrin'Andriamanitra ho Mpitsara ny velona sy ny maty. 43 Izy no ambaran'ny mpaminany rehetra, fa amin'ny anarany no hahazoan'izay rehetra mino Azy famelan-keloka ».

42 « Jésus nous a ordonné de prêcher au peuple et d'attester que c'est lui que Dieu a désigné juge des vivants et des morts. 43 Tous les prophètes rendent de lui le témoignage que toute personne qui croit en lui reçoit par son nom le pardon des péchés ».

44 Raha mbola nilaza izany teny izany i Petera, dia nilatsaka tamin'izay rehetra nandre ny teny ny Fanahy Masina. 45 Ary talanjona ny mino isan'ny voafora izay niaraka tamin'ny Petera, satria nilatsaka tamin'ny jentilisa koa ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina. 46 Fa nandre azy niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra sy nankalaza an'Andriamanitra izy. Dia namaly Petera ka nanao hoe : 47 « Moa misy olona mahazo mandrara ny rano tsy hanaovana Batisa ireo izay efa nandray ny Fanahy Masina tahaka antsika koa » ? 48 Dia nasainy natao Batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy izy. Ary nangatahin'ireo mba hitoetra ao aminy andro visivitsy izy.

44 Pierre parlait encore quand le Saint-Esprit descendit sur tous ceux qui écoutaient la Parole. 45 Tous les croyants circoncis qui étaient venus avec Pierre furent stupéfaits de ce que le don du Saint-Esprit était déversé même sur les non-Juifs. 46 En effet, ils les entendaient parler en langues et célébrer la grandeur de Dieu. Alors Pierre dit : 47 « Peut-on refuser l'eau du baptême à ceux qui ont reçu le Saint-Esprit tout comme nous » ? 48 Et il ordonna de les Baptiser au Nom du Seigneur. Ils lui demandèrent alors de rester quelques jours avec eux.

Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :

Rainay ô, izay any an-danitra,
Hohamasinina anie ny Anaranao,
Ho tonga anie ny Fanjakanao,
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

Notre Père qui es aux cieux,

Que ton Nom soit sanctifié,

Que ton Règne vienne,

Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.

Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.

Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.

Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous de mal.

Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !

Hira (Chant) chorale : Andeha isika, ry havana, hihaino hira chorale AMF iray – *Chers frères et sœurs, écoutons un chant de la chorale AMF : Tsy mendrika ahy.*

Tso-drano – Bénédiction :

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !

Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !

Hampamirapiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !

Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa grâce !

Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !

Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la paix !

Fanirahana - Envoi :

Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay, Amen ! Mandehàna amin'ny fiadànana, ka manompoa ny Tompo amin'ny fifaliana.

Gloire soit au Dieu, Père, Fils et Saint-Esprit, depuis toujours et à jamais ! Amen ! Allez en paix et oeuvrez pour le Seigneur dans la joie !

Isaorana anie Andriamanitra – *Nous remercions le Seigneur Dieu.*

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion), Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.